

Jésus Vivant

en Marie



édition  
Malgache

No. 18, octobre 2019

Association Marie, Reine des Coeurs



Octobre  
2019



Entretien exclusif avec  
le P. Jesús Leopoldo Cucho Puchuri,  
S.M.M.

## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203  
Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135  
Rome – ITALIE

<http://www.montfortian.info/amqah/>  
rcordium@gmail.com

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information



## Table des matières

Fanazavana Ara-baiboly: Lioka 17, 11-19	3
Spiritualité Montfortaine: « Mihoaatra izay lasa izay... » - Fijerin'i Montfort momba ny Fiagonana	6
Dinika miaraka amin'i P. Jesús Leopoldo Cuchó Puchuri, S.M.M: « Ampiasainay ireo fomba rehetra hanaparitana ny ain-panahy montfortanina »	10
Fifampizarana - Ramatoa M.T. Eleine Magdalena: NY FAHAIZANA MANOMPO	13
Vaovao - LORETTE, Italie: « MARIA O, OMEO AHY NY TENA FAHENDRENA »	19
Nouvelles - LORETTE, Italie: Andro natokana ho an'ny Aim-panahy Montfortana	20
Volan'ny misionera miavaka Oktobra 2019	23
Tononkira 91, an'i Masindahy Montfort: Ilay Misionera Mahay	25



**Ireo Boka Folo Iahy**

**11 Jésus, marchant vers Jérusalem, traversait la région située entre la Samarie et la Galilée.**

**12 Comme il entrait dans un village, dix lépreux vinrent à sa rencontre. Ils s'arrêtèrent à distance**

**13 et lui crièrent : « Jésus, maître, prends pitié de nous. »**

**14 A cette vue, Jésus leur dit : « Allez vous montrer aux prêtres. » En cours de route, ils furent purifiés.**

**15 L'un d'eux, voyant qu'il était guéri, revint sur ses pas, en glorifiant Dieu à pleine voix.**

**16 Il se jeta face contre terre aux pieds de Jésus en lui rendant grâce. Or, c'était un Samaritain.**

**17 Alors Jésus prit la parole en disant : « Tous les dix n'ont-ils pas été purifiés ? Les neuf autres, où sont-ils ?**

**18 Il ne s'est trouvé parmi eux que cet étranger pour revenir sur ses pas et rendre gloire à Dieu ! »**

**19 Jésus lui dit : « Relève-toi et va : ta foi t'a sauvé. »**


« Relève-toi et va : ta foi t'a sauvé. »



**Jesoa mandeha ho any Jerosalema:**  
 mandeha makany, mandeha, fomba fiteny fampiasan'i Lioka ao amin'ny evanjely nosoratany, sady Lioka manoritra ny asan 'i Jesoa sahala amin'ny fikarana ho any Jerosalema izay ho toeran'ny fahafatesaNY / FitsangaNY ho velona.

**Boka folo lahy manantona Azy:**  
 voan'ny habokana, miaina lavitra ny tanana, voarara ny fifaneraseran'izy ireo amin'ny olona; eo koa ny fomba fisainana jiosy marika ny fahotana, ozona avy amin'Andriamanitra. Ny boka izany dia ao anatin'ny tsy fahafahana

manantona an'Andriamanitra.




**Jesoa:** Finoana izany, fahatokisana no tao amin'ireto olona, izay miantso an'i Jesoa amin'ny anarany sahala amin'ilay jiolahy teo amin'ny hazofijaliana (Lioka 23, 42) izay naheno ihany koa ireo tenin-pamonjena.

**Mpampianatra:** Lioka irery no niantso an'i Jesoa tamin'io fomba fiantsio io, anarana fiantsio manambara ny fahefany, manana hevitra mahery, miantso Azy ho tompon'ny fahefana amin'ireo singa nohariany, Izy izay ny anarany afaka mibaiko ny devoly. Ireo boka maneho ny hakiaviany nefä koa ny fahatokisany amin'ilay antsoiny eny lavitra.

**«Tsy mangataka zavatra hafa manokana amin'i Jesoa akoatry ny ho jereNy sy ho tiaviNy»**

**Mamindra fo aminay:** teny grika voadika, ao amin'ny testamenta taloha teny 2 hebrio izay milaza ny fahasoavana sy fitiavana. Izany hoe amin'ny fitiavana feno famindram-po an'Andriamanitra no antsoin'izy ireo. Tsy mangataka zavatra hafa manokana amin'i Jesoa akoatry ny ho jereNy sy ho tiaviNy. Mahatalanjona loatra ny finoan'izy ireo, Jesoa tsy nanasitrana azy ireo, fa niteny tsotra azy ireo mba handeha hiseho amin'ny mpisorona, izany hoe andeha hahatsapa ny fahasitranany ... tsy mbola sitrana akory izy ireo dia nanaiky ny fomba tokony atao araka ny voalaza ao amin'ny bokin'ny Levitika (14) ! Nanaiky izy ireo ary sitrana teny an-dalana.





**Iray tamin'izy folo lahy ... Nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo avo:** nahafantatra fa mihoatra noho ny olona tsotra i Jesoa izy, ny fiankohofana teo amiNy mampiseho izany, satria eo anatrehan'Andriamanitra ihany no hiankohofana. Fantany fa i Jesoa no tena « Mpisorona ». Betsaka no nandray fanomezana fa iray ihany no niverina nisaotra ! Ity boka ity mampianatra antsika fa vahiny izy, samaritanina. Eny ny famonjena misokatra ho an'ny rehetra amin'ny alalan'ny finoana an' Jesoa.

**Mitsangana ary mandehana:** eto milaza an'ilay olona handeha, ho tonga mpianatra.

**Ny finoanao no nahavonyjy anao:** ireo boka 9 ambiny, ny finoany no nahasitrana azy saingy mbola misy hafa. Ny fahasitranana dia famantarana ary izay mahafantatra ny fanomezan'Andriamanitra, ny famonjena no atolotra azy : fampanantenana ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny fanoloran-tena hanaraka an'i Jesoa ho any amin'ny hazofijaliany sy ny voninahiny.

Pierrette MAIGNÉ



## Spiritualité Montfortaine



## « Mihoatra izay lasa izay... »

### Fijerin'i Montfort momba ny Fiagonana

« Mitombo hatrany ny finoako sy ny fanantenako, fa ho tanteraka izay rehetra noraiketiko mafy tao am-po sy izay nangatahiko tamin'Andria-manitra, nandritra ny taona maro dia : ny hanan'an'ny Virjiny Masina zanaka maro, na ho ela na ho haingana ; ny hananany mpanompo be fitiavana **mihoatr'izay lasa izay** ; ny hanjakan'i Jesoa Kristy, Ilay Mpampianatra malalako, ao amin'ny fon'ny olona **mihoatr'izay lasa izay** » (Louis-Marie de Montfort, VD 113).


#### A. Ny Fiagonana masina kokoa hatrany

Ny Fiagonana no Vatan'i Kristy sy Tempolin'ny Fanahy Masina noho ny sitrapon'ny Ray. Vokatr' izany, masina izy satria Andriamanitra – ilay Masina – dia mitoetra ao aminy, noho ny fanomezan'ny finoana sy ny batemy. Izany fahamasinana tokana tsy manan-tsahala izany dia tokony hiarahan'ny mpino, tsy ankanavaka, hainana : ny rehetra dia voaantso ho masina!

Toy ny toerana hitomboana amin'ny fahamasinana mandrakariva no fahitan'i Montfort ny Fiagonana ankehitriny. Araka izany, ny misterin'ny « fahamasinana » izay mamintina sy manentana ireo toetra manokana ananan'ny Fiagonana – iray, katolika, apostolika – dia tsy mba zavatra tsy mitombo na tsy mivoatra, fa dingam-pivoarana izay miroso mankany amin'ny tanjom-piainana kristianina ihany dia : ny hitovy kokoa hatrany amin'i Kristy amin'ny endriny manontolo.



Tsy hoe tsy tanteraka ny fitomboana amin'ny fahamasinana satria tsy lavorary ny fahasoavan'ny fahamasinana, fa satria ny fikambanana mpiray finoana eo amin'izao tontolo izao dia miatrika mandrakariva rivo-piainana mitarika amin'ny fahotana (ny tsy marina !) izay tsy mitsahatra ny mifofo eo amin'izao tontolo izao sy ao amintsika ihany. Noho izany ny mivoatra na mitombo dia manambara fa miaina bebe kokoa hatrany ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra isika ; amin'ny alàlan'izany fahasoavana izany no ahafahantsika manohitra ny herin'ny ratsy ao anatintsika sy eo amin'izao tontolo izao.



Izany fitomboana izany dia taratry ny dingam-pivoaran'ny fiovan-tarehy na fiovàna ao amin'i Kristy ao anatin'ny fotoana sy ny tontolo izay mivoatra mandrakariva. Ny fahamasinana noho izany dia tsy mba zavatra hiainana ivelan'ny fotoana sy ny tontolo, fa kosa hiainana indrindra ankehitriny izao sy eto. Ny fiaianana amin'izao vaninandro izao dia sehatra feno andrakandrana ao amin'ny fahamasinana ! Tokony ho masina isika rehetra amin'izao fotoana izao, eto amin'ny misy antsika. Ny olona izay tsy masina ankehitriny izao, arak'izay anirian'Andriamanitra azy, dia tsy ho masina mandrakizay !

« Bebe kokoa hatrany » na « ho tonga bebe kokoa », izany no tiana ambara amin'ny hoe « manam-paharetana ». Noho izany, ny manam-paharetana dia tsy manambara hoe mijanona tsy mivoatra ao anatin'ny toetra iray, fa kosa ao anatin'ny dingam-pivoarana mihetsiketsika ho amin'ny fitomboana, ao anatin'ny fahaiza-mamorona sy ny fanavaozana maharitra. « Maharitra bebe kokoa hatrany », izany no endriky ny Fiagonana izay mijery ny fiafaràn'ny olombelona sy ny fibebahan'izao tontolo izao. Rehefa miaina izany fitsinjovana ny fiafarantsika sy ny fiovàna izany ihany isika no afaka antsoina hoe mpino.



Ny fitomboana amin'ny fahamasinana dia mamondrona ny lafiny rehetra mahakasika ny maha olona sy ny fiaianan'olombelona. Ny fahamasinana dia ao amin'izay maha olona rehetra : ny fisainana sy ny fahaiza-mamantatra, ny toetra ananana manokana, ny lafin'ny fiaianana ara-panahy, ny asa apostolika, ny finiavana, ny fihetseham-po... Idirany avokoa ireo dingam-piainan'olombelona... amin'izay ny rehetra dia ho voatantana any amin'ny hatsaram-panahy, ny rariny, ny fahamarinana, ny voninahitra... izay tsy antsika velively fa kosa mifanaraka tsara amin'ny sitrapon'Andriamanitra.



### B. Misionera bebe kokoa hatrany

Foto-kevitra izay mifandray mivantanta amin'ny fahamasinana, mahita koa i Montfort fa ho tonga misionera bebe kokoa hatrany ity Fiagonana ity. Ary voakasik'izany avokoa ny mpino rehetra, tsy ankanavaka. Satria ny « fahamasinana » sy « misiona » dia tsy endrika roa samihafa fa mifampiditra. Arak'i Montfort, ny lanja maha misionera ananan'ny Fiagonana dia ilaina mba hitarihana, hanentanana ary hampiasàna ireo fahefana arapanahy ananan'ireo mpino ao amin'ny fahamasinana, mba hiainan'izy ireo araka ny fahamendrehana maha zanak'Andriamanitra azy.

Amin'ny alàlan'ny fikarakarana ireo misiona dia hitan'i Montfort

amin'izay fa ny fotoanan'ny Fiagonana dia toy ny fotoanan'ny ady ara-panahy maharitra, tsy ankihato, izay hitohy hatrany amin'ny fiverenan'i Kristy fanindroany. Aoka isika samy hanantena fa ity Fiagonana ity dia ho tonga tafika voalamina sy vonona ny hiady... mba handresy ireo fahavalon'ny fanjakana.

Ny teny hoe « ady » dia mifono koa ireo fomba na tetika ho amin'ny fitomboana. Satria fantantsika fa isaky ny ady iray dia misy fandresena arahina fandresena. Ny olona izay tsy miady intsony dia olona izay tsy eo amin'ny lâlan'ny fitomboana intsony, antsoina hoe resy izy ireny ary an'izao tontolo izao !

### C. Coopération synergique du Saint-Esprit et de la Vierge Marie

Ilay mitazona ny toerana voalohany izay manome antsika ny fahamasinan'Andriamanitra sy ny fanampiana mba hitomboany ao amintsika dia ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Kanefa, izany asany izany dia tsy hisy vokany raha toa isika ka tsy miara-miasa Aminy am-pitiavana malalaka.

Ny olombelona mendrika atao ohatra izay niarahan'ny Fanahy Masina niasa , ary niasàny tao aminy indrindra indrindra, dia ny Olontsambatra Virjiny Masina. Arak'izany, mba ahafahana mitombo ao amin'ny fahamasinana dia tokony haka ny toetran'ny Olontsambatra Virjiny Masina isika manoloana ny fisiana sy ny asan'ny Fanahy Masina. Ny toetran'i Maria dia ny miandry, ny mamela ny tenany hotantanana'ny Fanahy Masina, ny miombona Aminy, ny miara-miasa Aminy... an-tsitraro, an-kalalahana sy am-pitiavana. Vokatr'izany dia tokony banana fiharetana arapanahy isika mba ho afaka volavolain'ny Fanahy Masina na tantanany, satria izy tokoa ilay Mpamolavola amin'ny fomba lavorary indrindra ho amin'ny fitoviana amin'i Kristy.

Araka izany ary, noho ny finoana an'i Kristy dia mandray an'i Maria ao amin'ny « tranontsika » isika, mitondra azy ao am-pontsika, ary am-pahalalàna no hanolorantsika tena aminy. Ny fanekena na ny fandraisana an'i Maria dia mitondra antsika hiombona bebe kokoa amin'i Kristy ao amin'ny Fanahy Masina. Satria miaraka hamolavola antsika izy sy ny Fanahy Masina. Ny fiaraha-miasa akaiky eo amin'ny Fanahy Masina sy Maria dia mamokatra olomasin-dehibe, ireo apostolin'ny andro farany araka ny fomban'i Montfort, izay mandrafitra ny Fiagonana manontolo.




«Ny fiaianana amin'izao varinandro izao dia sehatra feno andrakandrana ao amin'ny fahamasinana ! Tokony ho masina isika rehetra amin'izao fotoana izao, eto amin'ny misy antsika. Ny olona izay tsy masina ankehitriny izao, arak'izay anirian'Andriamanitra azy, dia tsy ho masina mandrakizay !»



## Interview

### «Ampiasainay ireo fomba rehetra hanaparitana ny ain-panahy montfortanina»

Dinika miaraka amin'i P. Jesús Leopoldo Cucho Puchuri, S.M.M



**Mopera Jesús** teraka tao Lima , renivohitr'i Perou , tao amin'ny faritra « Chorrillos », indray 14 Martsa .Nanao ny voady voalohany ny 20 Jolay 1996 ary ny voady mandrakizay ny 28 Aprily 2001. Nohamasinina ho pretra ny 7 Setambra 2002. Nanomboka niasa tao amin'ny « centre spirituel Montfortain » ny taona 2006. Avy eo voatendry ho tale nationaly ny Fikambanana « Marie Reine des Coeurs », ao Pérou ny 19 Martsa 2019. Ao anatin'ity resadresaka manaraka ity no hifampizarainy amintsika mpamaky ny gazety ny sahan'asany eo amin'ny sehatry ny ain-panahy montfortanina.

#### *Afaka resahinao amiko ve ny ataonao mba hahatontosainao tsara ny andraikitra nankinina taminao eo amin'ny sehatry ny ain-panahy montfortanina ?*

Hatramin'ny nandraisako ny antso ho amin'ny fiainan-drelijozy sy ny mahaizy azy ny fikambanantsika Companie de Marie, misionera montfortanina : mampiseho ny fanjakan'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria, Renintsika, Masina Maria. Voalohany, manentana ireo paroasy montfortanina mba hiaina ny ain-panahy antsika; faharoa, mifandray amin'ireo paroasy, fikambanana sy vondrona izay manaraka ny ain-panahy antsika toy ampanhan-dalana amin'ny finoany, manome fanampiana amin'ny alalan'ny andro voatokana, laretirety, valan-dresaka samihafa mahakasika indrindra ny fiainan'ny mpanorina ny fikambanana, ireo singa fototry ny ain-panahy antsika sy ny fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Masina Maria mba to tonga singa hahatonga saina ireo voady sy fanoloran-tena natao tamin'ny batemintsika.



#### *Mahasika ny trano fivarotan-boky, ahoana ny fomba hitantanao azy? Manao ahoana ireo mpiasa sy hetra?*

Ezahina ny hitantanana ny fivarotan-boky Maria amin'ny alalan'ny fivarotana ireo fitaovana sy boky omen'ireo karazana fikambanana sy mpiangona, eo ihany koa ny fanampiana avy amin'ny Fikambanana ; efa ho 2taona izao no nanana ny taratasy sy fahazoan-dalana hivarotra amin'ny olona rehetra ny trano fivarotan-boky.

**Ireo boky nosoratan'i Montfort izay natontanareo sy amidinareo, mahita mpividy ve ? Inona ny boky tena tadiavin'ireo mpividy ?**

Mbola tsy fantary ny olona avokoa ireo boky nosoratan'i Montfort, ny boky tena be mpafantatra sy be mpividy dia «Ny tena fitiavana sy fanajana an'i Maria», «Secret de Marie» ary ny «Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay».



**Manana ny gazety mivaoka isan-bolana ianao, nitondra ny anarana: Maria, nanomboka oviana no nisy ity gazety ity ? Ahoana no hanaparitahana azy ?**

Nanomboka ny taona 80 ny gazety Maria. Mivaoka isan-bolana ary miezaka mamaritra ireo fety marialy misongadina isan-bolana, ny ampaahany natokana ho ireo nahavita fanokanan-tena, ireo Olo-masina ao anatin'ny volana, ireo hafatry ny Papa François ary ireo soa toavina hiainana ny finoana, Zaraina isak'ireo paroasy montfortanina, ireo ivo-toeran'ny fonja natokana ho an'ny vehivavy ary ireo paroasy sy vondrona samihafa misy efa nahavita fanokanan-tena.

Ahoana no hifampizaraina ny ain-panahy montfortanina miaraka amin'ireo lahika : ahoana no ataonao ? Ahoana no hifandraisanao amin'ireo Eveka sy pretra? Ahoana ny hamaliany anao ? Aiza no mivory ianareo? Iza avy no mikarakara ireo modules sy fitaovana hanomanana ny fanokanan-tena izay ampiasaina? Manana mpiara miasa ve ianao?

Mikasika ny fizarana ny ain-panahy montfortanina, tsy maintsy tanterahina araka ny fomba Montfort, tonga ao amin'ny paroasy, miresaka amin'ny Pretra tompon-paritra ary mamporisika azy mba ahafahan'ireo mpivavaka ao aminy manavao ny toky tamin'ny batemy, sy manolon-tena tanteraka amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria. Avy eo manentana sy manasa, ny paroasy, mba hanombohan'ny fampianarana.

Eto Perou, manana fitaovana namboaran'ny montfortanina iray, Mopera Carlos Salas C., izay atao refy afahana manaraka ireo lohahevitra, hasaina hamaky ny boky « Ny tena Fitiavana sy Fanajana manokana an'i Maria » sy « Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay ». Misy ekipa manaraka ny fampielezana ny ain-panahy montfortanina izay ahitana pretra montfortanina, seminarista, lahika efa nahavita fanokanan-tena ary lahika tsotra.



**Firy ny vondrona manatrika ny fiofanana ho an'ny fanokanan-tena ?  
Inona no fiofanana mitohy ho an'ireo mpikambana efa nahavita  
fanokanan-tena ?**

Ankehitriny, misy vondrona 6 izay miomana, maharitra 3 volana ny fiomanana, 12 ny fihaonana ao anatin'ny fiofanana izay ahitana tanjona lehibe 4 : Manala ny fanahy mifanohitra amin'i Jesoa Kristy, mahafantatra ny tena, mahafantatra an'i Masina Maria sy mahafantatra an'i Jesoa Kristy. Rehefa vita ny fanokanan-tena, hasainay hanana faharetana hanatrika ny fiatahana masina isaky ny Sabotsy voalohany isan-bolana izay handalinana ny ain-panahy montfortanina, fitsaohana ny Sakramenta Masina, ny fanaovana sapile, ny sakramentan'ny fampihavanana sy ny Eokaristia Omenay indray mandeha isan-taona , laretirety amin'ny faran'ny herinandro ho an'ireo efa nahavita fanoloran-tena ary tontolo andro iray

miaraka amin'ny lohahevitra momba ny finoana sy fandalinana ny ain-panahy montfortanina.



**Ahoana ny fandraisana ireo mpikambana efa nahavita  
fanokanan-tena amin'ny iraka montfortanina ?**

Mandray anjara amin'ny fanoloran-tena any amin'ireo vondrona paroasialy misy azy tsirairay, ireo asa atolotra mba hafantarana ny ain-panahy sy hiainany ny fanoloran-tena amin'ireo toerana misy azy.

**Efa nanomboka mampiasa ireo fitaovan-pifandraisana ara  
tsosialy toy ny Site web, Facebook, whatsapp ho an'ny  
asanareo ?**

Efa mampiasa ireo fomba rehetra hanaparitana ny ain-panahy montfortanina, mba hanampiana azy ireo hanana faharetana sy hitazomana ny hafanam-pony fa vita batemy sady miaraka amin'i Maria hatrany.

Fifampizarana

**NY FAHAIZANA MANOMPO**

**Ramatoa M.T. Eleine Magdalena** dia antsoina amin'ny fomba mahazatra kokoa hoe **Eleine**. Izy no filohan'ny « Commission Biblique » ao amin'ny diosezin'i Malang, any Indonésie, toerana izay misy ny scolasticat montfortain, « Demeure de la Sagesse ». Mpampianatra any amin'ny toeram-pianarana ireo taranja filozofia sy teolojia « WidyaSasana » ihany koa izy, izay hanarahan'ireo scolastiques montfortains ny fianarana momba ny filozofia sy ny teolojia miaraka amin'ireo scolastiques sy seminarista avy amin'ny fikambanan-drelijozy samihafa sy avy amin'ny diosey. Fantatra toy ny mpanoratra boky momba ny fainana ara-panahy sy ny aim-panahin'ny fianakaviana kristianina izy, toy ny evanjestika sy mpanentana ara-panahy. Ho an'ny tanjona tratrarinny amin'ny fitoriana ny evanjely dia tsy misalasala izy ny mampiasa ireo haino aman-jery eo amin'ny fiaraha-monina. Ity renim-pianakaviana manan-janaka mirahalahy ity dia mpikambana ihany koa ao amin'ny foibe iraisam-pirenenan'ny « Communauté de la Sainte-Trinité », hetsika iray mifantoka indindra amin'ny fihavaozana ny fainam-panahy any Indonésie, izay mifototra amin'ny aim-panahy karmelita amin'ny fandraisana ny hetsika fihavaozana karismatika katolika.

Izany fahabetsahan'ny asany izany dia mitondra antsika hanontany tena hoe ahoana no ataon'ity vady andefomandrin'i **Ramose Paulus Singgih Hendra Wijaya** – izay manetry tena ihany koa hanatanterahana ireo asa fanompoana isan-karazany toa an'i Eleine – amin'ny fizara ny fotoanany ho an'ny fianakaviany, ny asany sy ireo asa fanompoana isan-karazany ? Ity manaraka ity dia fifampizarana nataony izay tena manainga.



Raha toa ka anontaniana aho hoe ahoana no fomba hizarako ny fotoanako manoloana ny fianakaviako sy ny asako ary ny asa fanompoana, dia fohy ny valiny: ny miaina miaraka amin'Andriamanitra, andavanandrom-piainana. Tsy misy hoe fomba manokana arahina afa-tsy ny fisokafana amin'ny sitrapon'Andriamanitra sy ny fahalalàhana mba hanarahana ny lèlany. **Ny manompo dia fahaizana.** **Ary ny mpamokatra dia ny Fahany Masina mihintsy. Isika dia vokatra avy amin'ny fahaizan'Andriamanitra.**

**Làlam-panompoana nandalovana**

Hatramin'ny fotoana naha bevhoka ahy dia tao anatin'ny ekipan'ny mpanabe izay niasa ho an'ny vondrona iray momba ny baiboly atao hoe « Fully Alive » aho (velona manontolo) sy ny ekipan'ny mpanentan'ny « Choice » (safidy). Tamin'izany fotoana izany ihany koa no nanomboka niaraka tamin'ny « Communauté de la Sainte-Trinité » aho, toerana izay mbola hampianarako mandrak-ankehitriny. Miaraka amin'izany rehetra izany dia nisy koa ireo andraikitra niampy nanaraka teny. Ohatra amin'izany : ny fandehanana mankany amin'ireo tanàna ivelan'ny tanàn-dehibe, faritra mitokana sy tanàna hafa mba hanomezana fanabeazana sy fiofanana ho an'ny fikambanana ihany, fanentanana laretirety, fihatahana masina, fitoriana ny Tenin'Andriamanitra ho an'ireo mponina eo an-

toerana, ary izany dia mifandraika avokoa amin'ny fanasana voaraiko amin'ny maha mpanentana ahy. Mety teny amin'ny paroasy, eo anivon'ireo vondrom-bavaka, any anatin'ny fikambanan-drelijozy, toeram-pianarana... no nanatanterahana izany rehetra izany.



Tamin'ny taona 2017 dia nangataka ahy mba hitarika ny Commission Biblique tao amin'ny diosezin'i Malang ny eveka. Nandà aho aloha noho ireo fisalasalana sy ahiahy teo amiko. Inona no antony ? Tsy nanana fahalalàna sy traikera momba ny asa fanompoana eo anivon'ny firafitry ny antana-tohatra eo amin'ny diosezy iray mihitsy aho. Tsy mba noheritreretiko mihitsy izany hitantana rafitra iray eo amin'ny diosezy izany, izay midika ihany koa angamba hoe hiara-hiasa akaiky amin'ireo rafitra hafa misy ao amin'ny diosezin' Malang, izay misy paroasy 29. Ary mbola be noho izay anefa satria ny andraikitro dia mivelatra hatrany amin'ireo toeram-pianarana, ireo fikambanan-drelijozy, ireo filaharan-drelijozy, ireo lahika ao anatin'ny diosezy. Tena tsy azo heverina mihitsy, ho ahy, ny manaiky iraka misahana andraikitra mivelatra be toy izany.



Kanefa, roa herinandro mialohan'ny nandraisako izany fangatahana avy amin'ny Vikera jeneralin'ny diosezy izany dia efa nomanin' Andriamanitra aho.

Rehefa avy nandray ny Komonio masina aho tamin'ny lamesan'ny sasak'alin'ny Paka 2017 dia tsaroako fa toy ny nandondona tao amin'ny varavararan'ny foko Andriamanitra mba hiverinako any amin'ny Fiagonana nisy ahy.

Nandritra ny roapolo taona dia nanolotra ny tenako hiasa hoan'ny paroasy sy ny diosezy izay nisy ireo fikambananay aho, tsy voafaritra ny toerana naleha, teto Indonésie sy tany ivelany.

Fa nandritra io alin'ny Paka io dia nahatsapa izany fiantsoan'Andriamanitra mandondona izany aho izay toy ny manosika ahy hiverina any amin'ny paroasy. Dia nampanantena ny foko àry aho fa hanantona ny pretra mitantana ny paroasy mba hiteny aminy fa vonona aho ny hiasa hanompo ny paroasy ary tsy mifidy toerana aleha sy asa atao. Kanefa alohan'ny nahafahako nihaona tamin'ny pretran'ny paroasy dia nanampoka ahy ny pretra vikera jeneraly amin'ny fampitàna ny hafatry ny eveka izay nangataka ahy mba hanaiky ho filohan'ny Commission Biblique ao amin'ny diosezy.



Taty aoriana vao nahafantatra aho fa ity andraikitra ity tsy mba nankinina mihitsy tamin'ny kristianina lahika na tamin'ny vehivavy indrindra indrindra. Fanamby sy andraikitra mavesatra izany ! Rehefa avy nifandinika sy nivavaka izahay mivady, dia nanaiky ny fangatahana aho ary tsy nahafantatra tsara akory aho ny fomba hisantarako izany asa izany. Nandritra ity misiona ity dia nahazo fanampiana maro avy amin'Andriamanitra aho, nampihaoniny tamin'ny olona afaka nanampy ahy tamin'ny fametrahana antoerana ireo fampiofanana momba ny Soratra Masina izay nirian'ny diosezy nokarakaraina aho. Nampihaona ahy tamin'ny olona nitovy fomba fijery tamiko amin'ny famporisihana ireo mpino ho tia ny Soratra Masina koa ny tangan'Andriamanitra. Sarotra matetika ny manomboka zava-baovao, kanefa manampy Andriamanitra.

«Ho ahy, ny fifandraisana manokana  
amin'Andriamanitra no fototr' izay rehetra ataoko  
ao amin'ny fianakaviako sy ao amin'ny ministerako»



### Ny fihaonana manokana amin'i Jesoa dia fanovozana hery

Mba haharetako amin'izany fainako izany dia misy zavatra efatra izay tsy maintsy ataoko isan'andro : mamonjy ny lamesa andavanandro, mivavaka mandritra ny adiny iray, mandinika ny Tenin'Andriamanitra ary manao fanatanjahan-tena. Ho ahy, ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra no fototr' izay rehetra ataoko ao amin'ny fianakaviako sy ao amin'ny ministerako. Nahazo hery sy fankaherezana ary aingam-panahy aho tao anatin'ny fahanginan'ny vavaka manokana. Ny mihaona amin'i Jesoa izay miaina ao amin'ny lalina indrindra amin'ny foko dia fakàna aina ao amin'ny fainako izay manome hafaliana sy hery mandritra ny tontolo androko. Raha tsy mihaona aminy aho amin'ny alàlan'ny vavaka sy ny Teniny ary ny fahanginana dia toy ny maina aho sy tsy manam-batsy hanohizana ny fanompoako azy sy ny mpiara-belona amiko am-pitiavana.

### Manaiky ny halamin'Andriamanitra

Ny fitomboan'ireo adidy aman'andraikitra takian'ny asa fanompoana ataoko dia nitarika ahy hanaiky bebe kokoa hatrany ny sitrapon'Andriamanitra izay mpanatanteraka. Momba ny fitantanana ny fotoanako dia tsy maintsy misafidy izay asa fanompoana ataoko am-pandinhana sy am-panekena ny vadiko aho. Raha toa ka manana ahiahy aho manoloana iraka iray eo amin'ny lafiny halaviran-toerana, na ara-pitaovana na ara-potoana dia maka hevitra amin'ny vadiko aho. Ireo adidiko ao amin'ny fianakaviako, manoloana ny vadiko sy ny zanako ary ny ray aman-dreninay dia voalohan-daharana ho ahy. Ny zanakay mirahalahy dia any Jakarta. Mbola tsy manambady izy ireo. Tsy maintsy manokana fotoana hiarahana aminy foana aho. Ny reniko kosa any Surabaya, 83 taona izy ary taizan'aretina izay mamparefo azy izy ka mila ahy. Mandritra izany rehetra izany dia any





Malang no tena andanian'ny vadiko ny androny satria fehezin'ny asany izy. Ny ankabeazan'ny asa fanompoana ataoko dia ao amin'ireo tanàn-dehibe 3 ireo : Jakarta, Surabaya ary Malang. Soa ihany koa fa ao amin'ireo tanàna ireo koa no misy ny fianakaviako. Andro vitsivitsy tao ho ato izay dia manentana fiatahana masina ho an'ny mpivady izahay mivady.

### Mandao ny fampriadan-tena

Ny famaliana ny antso ao amin'ny fianakaviana sy ny ministera dia misy vokatra aterany : mihavitsy ireo fahafahana miala sasatra . Tsy afaka manao izay rehetra tiako atao intsony aho. Taloha aho dia mbola nanana fotoana hijerevana vata fahitalavitra na horonan-tsary, namakiana gazety, nihaonana tamin'ireo namako, nitafatafa. Ankehitriny dia mahalana izany. Fa ny fampiasàko ny fotoanako kosa dia mamokatra kokoa. Raha toa ka ahenako ny asa fanompoana ataoko dia mitombo ny fotoana hiresahana, hiantsenàna na hanaovana « shopping », hijerevana ireo tranonkala amin'ny internet, ary tsy ilaina anefa izany. Rehefa avo ny fitakiana dia mamokatra kokoa ny fampiasana ny fotoana.





### Miaina ho an'ny anio

Tsy misy fomba marina sy mazava harahina amin'ny fanatanterahiko ny asa izay ankinin'Andriamanitra amiko. Satria Izy Andriamanitra mihitsy no manome hery ahy. Tsy hanampahafhana hahalala ny asan'Andriamanitra mihitsy aho. Izay tanterahiny dia mihoatra izay heveriko. Rehefa mandeha ny

andro dia manolotra ahy vahaolana mandrakariva izy sy aingam-panahy hanohizako ny dingana manaraka. Marina ireo voasoratra ao amin'ny Soratra Masina manao hoe : « aleo ny anio ho an'ny anio ». Eo am-pelatànany ny ampitso. Ny hany fantattro dia ny miara-dia aminy sy mankamamy ny fiahiany anio. Zavatra tokana no manan-danja indrindra dia ny manatanteraka ny sitrapony sy ny manao izay tiany. Rehefa avy niezaka araka izay vitako aho, dia omeko azy ny sisa. Tsy mijery any aoriania aho fa mandroso an-kasahiana. Misy mandrakariva ireo olana izay manaraka ny lalam-piainana amin'ireo iraka amin'ny fanompoana. Nefa ireo olana sedraina ve moa tsy manomana antsika amin'ny firosoana lavidavitra kokoa hatrany ?

### Miantso Andriamanitra, mamatsy Izy

Matetika ireo andraikitra raisiko dia mihoatra noho ny fahafahako. Ao amin'ny asa ara-panahy, ny asa fitoriania izay mitondra mankany amin'ny fiovan'ny toe-po sy ny toe-tsaina ary ny toe-panahy dia vokatra mazava avy amin'ny Fanahy Masina. Eo am-pahatsapana ireo andraikitra izay mihoatra ny fahafahako amin'ny maha olombelona ireo dia vao maika mihamafy ny faharesen-dahatro : tena miasa ny Fanahy Masina . Raha toa ka miantso ahy izy dia vatsiany aho hiatrehako ireo ady. Moa ve tsy niteny i Jesoa fa ho eo amintsika mandrakariva izy mandrapahatapitr'izao tontolo izao ? (Mt 28, 20) ?

### Mihazona ny fitantanana Andriamanitra

Sahiko ny manaiky ireo andraikitra sy asa ankinina amiko ireo satria tsy mifantoka amin'izay ho vitako sy tsy ho vitako aho fa kosa amin'izay afaka tanterahin'ny Fanahy Masina ato amin'ity « maha kely » ahy ity. Raha ny hevitro, ny fanetren-tena dia ny manaiky ny Fanahy Masina hanao izay tiany ao anatintsika sy amin'ny alàlantsika, sahala amin'ireo mpiasany marefo toy ny siny vita amin'ny tanimanga. Amin'izay dia afaka hiteny isika hoe : « Mpanompo tsy mendrika sitraka izahay, fa tsy maintsy ho nataonay ihany no hany vitanay » (Lk 17, 10). Arakaraka ny hietrentsika tena no ahafahan'ny Fanahy Masina ihany koa hiasa ankahalalàhana ao amintsika. Aoka isika hamela azy hitantana ny fianantsika.

### Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra.

M.T. Eleine Magdalena



Vaovao

**“MARIA Ô,  
OMEO AHY NY TENA FAHENDRENA”**

**LORETTE, Italie** - Ny faran’ny herinandron’ny 13 – 15 Septambra 2019, no natao tany Lorette ny antsoina mahazatra hoe: “andro natokana ho an’ny aim-panahy Marialy”. Ny lohahevitra amin’ny ankapobeny tamin’ity lasim-panahy Montfortana ity dia hoe: “Maria ô, omeo ahy ny tena Fahendrena”



Ny mpandray anjara tamin’ity fiofanana ity dia “ireo izay nisafidy an’I Masindahy Louis Marie de Montfort ho fakan-tahaka am-panahy sy ireo izay te hanaraka ny lalam-pahamasinana izay narosony”.

Avy tamin’ny bokikely mirakitra ny fandaharana tamin’ity lasim-panahy ity, nisongadina ireto lohahevitra lehibe nodinihan’ny mpandray anjara rehetra ireto tamin’io faran’ny herinandro io: fitadiavana ny Fahendrena, Jesoa, Fahendren’Andriamanitra, ary “Maria ô, omeo ahy ny tena Fahendrena”. Ho fanampin’izay, nisy ihany koa ny fijoroana vavolombelona maro mifandraika amin’ny lohahevitra.

**«Noho izany, nahazoana fahasoavana be sady nahafinaritra ny fandalinana ny fampianaran’i Montfort tany Lorette!»**



Ireo telo androm-pandinhana ireo dia niaraka tamin’ny fankalazana maro samihafa sy vavaka ary fanentanana ara-java-kanto.

“La Santa Casa” (Ny trano Masina izay nitoeran’i Maria tany Nazareta) any Lorette dia toerana fanaovana fivahinianana Masina mifandraika amin’ny misterin’ny fahatongavana ho Nofo, mistery fototrin’ny aim-panahin’I Masindahy Louis Marie de Montfort. Noho izany, nahazoana fahasoavana be sady nahafinaritra ny fandalinana ny fampianaran’i Montfort tany Lorette.

Dola de SOL-ABAB

**Andro natokana ho an'ny Aim-panahy Montfortana  
Lorette 13-15 Septambra 2019**

**LORETTE, Italie** - Ny andron'ny Lorette, ho an'ny Fianakaviambe Montfortana, dia toy ny fiverenana andoharanon'ny Fahendren'Andriamanitra. Tamin'ity taona ity, ny lohahevitr'ity androm-pankalazana ity dia ny vavaka fitalahoana hoe: "Maria o, omeo ahy ny tena

Fahendrena". Tsy isalasalana tokoa fa tena natao ho an'ny Zanak'I Maria rehetra izany, ho an'izay tiany... arovany.... velominy.... Maro, tena maro, manerana an'I Italie no tonga teto amin'ity toerana masina akaiky an'I Maria ity.



Lorette, toeran'ny Fanahy teo nandritran'ny telo andro tsy miato; izay tsy nahatsapanao afa-tsy ny tambitambin'I Maria...izy no miandry anao...mandray anao....mampirisika anao hanapa-kevitra, fa tena manapa-kevitra hanao dingana iray fanampiny, ho an'I Jesoa Zanany.

Ny Katesizy, ny fijoroana vavolobelona, ny vavaka, ny fandraisana ny bitsikin'ny Fanahy Masina mandritra ny resaka

mangina iarahana amin'I Maria sy miaraka amin'Andriamanitra. Tena mahafinaritra! Raha misy paradisa eto an-tany, isan'ny iray tena miaina amin'ireny ny any Lorette, toy ny fanomezana lehibe, fahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny fitokisana hametraka ny tenantsika ho ao an-kibon'I Maria, mba hamerina ny fainantsika manontolo indray amin'ny endriny vaovao.





“Tanatin’ny fivenjivenjenay izay tsy azo antoka... dia tsy misy tanjona...very ny fahendrena rehetra. Fa ny hany tokana mitarika sy manosika antsika hiroso amin’ny làlana mahitsy...dia ny Fahendrena izay aterakin’ny finoana... “mandio antsika, manafaka antsika amin’ny fahendren’izao tontolo izao”. Izany no manampy antsika hahatratra ny tanjona amin’ny alalan’ny Renintsika, ka hateraka avy any ambony indray isika, amin’ny Fanahy....

Manokàna ary toerana ho an’I Maria, izy no handio ny fanahintsika amin’ny fanirian-dratsy, amin’ny fahazaran-dratsintsika, amin’ny toe-javatra rehetra iainantsika, amin’ny olana izay mivangongo eo amin’ny fiainantsika matetika, satria ny Tompo dia te hanokatra ny fitiavany tsy manam-petra amintsika.

Mbola ity taona ity ihany, maro amin’ireo Kristiana rahalahy sy anabavy no nanao ny fanokanantena voalohany amin’I Jesoa eo am-pelan-tànan’i Maria tany Lorette, fa indrindra, ireo tanora marobe izay manankina ny hoaviny manontolo amin’I Maria mba hotoroiny làlana tsara. Fanantenana tsara tahaka ny inona! Maria!! Ary fo miisa firy, ô ry Reny, no resinao sy voasarikao!!



Amin'ny ankapobeny, inona no tena dikan'ny hoe miaina telo andro ao Lorette ao amin'ny aloky ny Trano Masina? Tsy inona fa fiainana anaty firahalahiana, fankafizana mijery ireo rahalahy sy anabavy anaty hafaliana, figohana ny hanitra sy ny hasarobidin'ny lasin'asa anaty fiainana tsotra, fanomezana toerana ho fiderana an'Andriamanitra, fifaliana amin'ny fihaonambe izay ahazoana fampianarana tena manaitra avy amin' ireo Ray am-panahinay sy ireo mpitarika anay izay tolorana fisaorana mitafotafo amin'ny fandavan-tenany sy ny fahafoizan-tenany tamin'ny fikarakarana ny zava-drehetra.

Tamim-pitiavana daholo ny zavatra rehetra natao, ary ny zava-drehetra dia ho fampiombonana ireo rehetra izay tian'l Maria sy ampianariny. Misaotra anareo ry Ray am-panahy, misaotra anareo izay nanao ny fanokanan-tena, misaotra amin'ny fanoloranareo ny tenanareo ho amin'ny tetik'asan'l Maria, mankasitraka anareo rahalahy sy anabavy rehetra izay

niara-paly taminay amin'izao andro izao, misaotra amin'ny fiombonana.



Inona koa no mbola azo lazaina? Soava dia ny rehetra, isika izay nahazo hery indray sy tonga mihamafy orina amin'ny finoana tamin'ny alalan'ny fanavaozana ny fampanantenana nataontsika tamin'ny Batemy noraisina, ho any amin'hy seha-pikatrophevaovao izay anoloran'ny Kristiana tena sy itoriana ny Vaovao Mahafaly. Enga anie isika tsirairay avy, na dia kely sy mahantara aza, miaraka amin'l Maria ao am-pontsika ary isaorana ny herin'ny Fanahy Masina ihany koa, mba ho tonga misionera lehibe amin'ny fitoriana ny Evanjely. Soava dia.....

Agata, iray amin'ireo nanokan-tena.

**«Fa ny hany tokana mitarika sy manosika antsika hiroso amin'ny lalana mahitsy...dia ny Fahendrena izay aterakin'ny finoana...»**



**Volan'ny misionera miavaka  
Oktobra 2019**

**PAPA FRANÇOIS:**

**« Ny volana Oktobra 2019 dia volan'ny misionera miavaka mba hamahanana ny hafanan-po ireo manao asa fitoriana ny Evanjelin'ny eglizy ad gentes ... »**



Mba hanamarihana ny fankalazana ny fahazato taona , ny 30 Novambra 2019 , fankatoavana ny taratasy apostolika **Maximum Illud** nosoratan'i Benoit XV.

Tamin'ity taratasy ity , Benoit XV te hanolo ny Evanjely sy ny fampitana azy ho ivon'ny fanoloran-tenan'ny misionera.

Lohahevity ny volan'ny misionera miavaka:

**« Vita batemy sy iraka: Eglizin'i Kristy mamita iraka eran-tany »**





Nahoana no hizorana sy iainana mandritra ny volan'ny misionera miavaka Oktobra 2019:

- a. Mihaona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka , Eokaristia , Evanjely.
- b.Maka aingan-panahy amin'ireo fijoroana vavolombelona ireo olona nanamarika tantara sy nanokatra lalana amin'ny iraka.
- c.Fianarana baiboly , katesizy ara panahy sy teolojika mifanaraka amin'ny iraka ad gentes.
- d.asa fitiava namana.

### **Ilaina ny fahamasinana**

**Ampahany tamin'ny taratasy apostolika MAXIMUM ILLUD  
nosoratan'i Benoît XV, 30 novambra 1919, no. 26**

«Ny misionera izay maniry ho feno amin'ny iraka ataony tsy maintsy ary alohan'ny zava-drehetra mametraka eo amin'ny ny fiainany ho anton-javatra lehibe indrindra, ny fahamasinana. Izay manambara an'Andriamanitra tsy maintsy olon'Andriamanitra, izay mitory ny fakahalana ny ota tsy maintsy mankahala ny ota voalohany. Indrindra ao amin'ireo tsy mana-pinoana, mora andairan'ireo fahatsapana nohon'ny fandresen-dahatra, ny ohatra dia ny finoana azo antoka aseho nohon'ny teny. Marina fa, ny misionera tsy maintsy ho fankatahaka amin'ireo toetra tsara sy fo aman-panahy, ny fahalalana ara-tsaina amin'ny ankapobeany ary fahaizana tonga lafatra;saingy raha tsy ampy ireo fanomezana izay mamenno ny fiainana tsy misy ho kianina, dia tsy manampy mihintsy izy ireo, na manampy fa kely, amin'ny famonjena ny fanahy ary mety ho, matetika aza, lasa fandrika ho an'ny misionera izy tenany sy ho an'ny hafa»





**Ilay Misionera Mahay**

**Tononkira 91, an'i Masindahy Louis-Marie de Montfort**



1. 1- Mihaizakazaka eo amin'izao  
tontolo izao aho

Toy ny zaza very  
Tsy maniry, na dia mitobaka aza  
Na fananana, na vola  
*Amin'ny tsy fananana na inona na inona*  
Ananako ny harena rehetra  
Fa ny tena harenako  
Dia ny manaiky an'Andriamanitra  
amin'ny zavatra rehetra.

2. Mpihaza fanahy aho  
Ho an'l Jesoa Mpamony ahy  
Ny fanamavoana sy ny  
fanomezan-tsiny  
No tombony ho ahy  
*Amin'ny tsy fananana na inona na inona*

Ananako ny harena rehetra  
Fa ny tena harenako  
Dia ny manaiky an'Andriamanitra  
amin'ny zavatra rehetra

10. Handeha aho tsy hitondra na  
inona na inona  
Eo an-tanako ny tehinako,  
Tsy misy zavatra manakana ahy,  
Nefa koa tsy misy ny alahelo.  
*Amin'ny tsy fananana....*

14. Raha ny vohitra sy tanàna  
Tsy te hihaino ahy  
Tsisy hanaitra ny tafiotra  
Ho any an-toeran-kafa aho no  
hitory  
*Amin'ny tsy fananana....*





16. Na velona aho na maty  
Tsy mampaninona ahy izany  
Raha izany no izy dia hijanona  
Tena mahantra sy manan-karena  
ao amin'Andriamanitra aho  
*Amin'ny tsy fananana....*

17. Raha ny hanan-karena eto  
amin'ity tontolo ity,  
Tompo ô, aleoko maty  
Aminao irery no hiorenako  
Satria izaho avy Aminao.  
*Amin'ny tsy fananana....*

23. Izaho tsy mamboly ary tsy  
mamafy  
Izay eo an-tànan'ny madinika  
Izaho kosa hioty an'ireo ao  
amin'Andriamanitra ihany  
Dia izay rehetra izay ilay paradisa  
*Amin'ny tsy fanana....*

31. Raha misy manendrikendrika  
ahy

Hoy aho: hotahian'Andriamanitra  
anie ianao  
Raha misy maneso ahy  
Hoy aho aminy: misaotra betsaka  
*Amin'ny tsy fananana....*

32. Ny hazofijaliana no harenako  
Ny hazofijaliana no sitrako  
Ny hazofijaliana no tompoko  
Na hijaly na ho faty  
*Amin'ny tsy fananana....*

33. Amin'ny toerana rehetra, dia  
miantso aho hoe:  
Velona mandrakizay i Jesoa  
Velona mandrakizay I Maria  
Ao am-poko ao, ary tsy misy ny  
ankoatra izay.  
*Amin'ny tsy fananako na inona na  
inona*  
*Ananako ny harena rehetra*  
*Tiako Jesoa sy Maria*  
*Ary tsy misy hafa ankoatra izay.*

**ANDRIAMANITRA IRERY.**



## Adresse

### MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65, 00135  
Rome – ITALIE

**Tel** (+39) 06-30.50.203

**Fax** (+39) 06 30.11.908

<http://www.montfortian.info/amqah/>

